




Herintaona taorian'ny nahafatesan' ny vadiny, Ramatoa Dubé sy ny zanany dia nihira hiram-pivavahana tao amin 'ny fivoriana an-kalamanjàna iray ary nijoro ho vavolombelona tamin' ny finoany. Tampoka teo, hetsika iray teo amin' ny vahoaka : nisy tovolahy iray nanantona !



*Sady nanondrika ny lohany, dia nimonomonona hoe: "Te hanomboka fiainana vaovao miaraka amin' i Jesosy, Mpamonjy ahy, aho". Nahafantatra azy i Ramatoa Dubé : ity zatovo lahy ity ve tsy anisan' ilay namono ny vadiny ? Rehefa afaka fotoana fihambahambana kely dia nanao dingàna nanantona azy izy ary naninjitra ny tànany : « Ankehitriny, hoy izy, dia lasa anadahiko ianao ».*

# Nyvavakynyreninyfarany.





365histoires.com

Jean-Louis Gaillard



I Benjamin Dubé, misionera tany Afrika Atsimo, dia nampahery ny mainty sy ny fotsy hoditra mba hifankahazo sy hifankatia.Fa ratsy fandraisana ny hafatra nataony.



Indray hariva raha nandeha namonjy fivoriana izay tokony hitoriany ny Filazantsara, niaraka tamin' ny zanany tanora indrindra izy, dia nisy folo lahy nanakana ny fiarakodiany, nisintona azy tao ary nikapoka azy tamin' ny tsatokantsy imbetsaka.



Ilay zazalahy nahavita niafina ambadika fitoeram-pako mandrapandehan' ireo mpamono olona, ary rehefa hitany fa maty ny rainy…



…dia nihazakazaka nankany an-trano izy nanambara ny vaovao mahatsiravina tamin'ny reniny. Rehefa afaka izany, niditra tao amin' ny efitranony izy, nandohalika ary nanokatra ny baiboliny.



Ny teny voalohany izay nianjera taminy dia izay nolazain' i Jesosy teo ambonin' ny hazo fijaliana : « Ray ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony » (Lioka 23 :34)



Taty aorina kely, dia voasambotra ireo mpamono olona ary voasazy higadra mandritry ny fotoana sahabo ela.